



## LALANA laharana faha-2013-013

**momba ny Famokarana sy fivarotana ny**

**ETHANOL Fandrehitra**

### **FAMELABELARANA NY ANTONY**

Nandritra ny telopolo taona eo ho eo izao dia tsy nitsahatra nanao ezaka lehibe ny Fanjakana hampihenana ny famotehana tsy ankijanona ny ala sy hiarovana koa ny tontolo iainana.

Ny 95% ny mponina eto Madagasikara dia mbola mampiasa ny arina sy ny kitay fandrehitra andrahoana sakafo ,ka zary tsy azo idovirana ny fahapotehan'ny alantsika . Noho izany dia neverina fa ny fampiasana akora hafa toy ny Ethanol fandrehitra ,izay ho takatry ny fahefa-mividin'ny daholobe dia mety ho fitaovana mahomby indrindra iadiana amin'io fanimbana mahatsiravina ny alantsika io, ary hampihena ny entona manafana ny rivotra iainana , antony lehibe indrindra mitarika ny fiovan'ny toetr'andro.

Eo amin'ny lafiny ara-toekarena dia vinanina fa hisy famoronana asa eo anelanelan'ny 20.000 hatramin'ny 50.000 isan-taona avy ny fandrisihana ny olona hamokatra Ethanol fandrehitra.

Ireo asa miantefa indrindra amin'ny tantsaha ireo dia manana fiantraikany betsaka amin'ny famahana ny olana amin'ny fahantrana any ambanivohitra sady koa hanatevina ny firobوروان'ny sehatra hafan'ny toekarem-pirenena.

Izany no anton'ity lalàna ity.



## LALANA iaharana faha 2013-013

**momba ny Famokarana sy fivarotana ny**

**ETHANOL Fandrehitra**

Nolanin'ny Kongresin'ny Tetezamita sy ny Filankevitra Ambonin'ny Tetezamita tamin'ny fivoariana nataony avy ny 3 jolay 2013 sy ny 14 novambra 2013 izao Lalàna manaraka izao:

### **LOHATENY-FIJERY ANKAPOBENY**

#### **TOKO I**

**Famaritana sy toetoetra ara teknika.**

##### **1-Famaritana**

**And 1:** Araka ity lalàna ity, ny antsoina hoe:

- Ethanol dia izay alikaola rehetra mitondra ny raikipohy  $C_2 H_6 O$  azo avy amin'ny fanotrehana ny ranom-pary na zava maniry hafa,ka azo avy amin'ny fitanehana
- Asa eo amin'ny sehatry ny Ethanol: ireo asa rehetra mahakasika ny fanangonana , fanamboarana,ny fanodinana,ny famarotana,ny fanatobiana, ny fanapariahana ny Ethanol fandrehitra.
- Fanamboarana: fikarakarana ireo akora fototra, fary na zavatra hafa mba hahazoana Ethanol
- Mpamokatra: mpanamboatra ny Ethanol
- Fanodinana: Fikarakarana ara-pizika sy simia ny Ethanol mba hahazoana vokatra voasintona avy amin'izany izay azo ampiasaina koa ho Ethanol.
- Ny seha-pamatsiana: rehefa mety ho fanorenana, fanajariana, fampitaovana mbamin'ny sehatrasa sy lahasa atao aorian'ny fanamboarana, ka mifandraika mivantana amin'ny fanangonana, fitaterana, fanatobiana, fanapariahana ny Ethanol.

##### **2 - Toetoetra ara teknika**

**And 2:** Ny alikaola manana hery  $90^\circ$ na ny mihoatra izany no fehezin'ity lalàna ity.

**And 3:** Ny Ethanol manana hery mihoatra ny sivifolo degre natokana ho fandrehitra dia voarara tsy azo hosotroin'ny olona.

### **3-Fanapariahana**

**And 4:** Ny fanapariahana ny Ethanol manana hery mihoatra ny 90 ° hampiasaina manokana ho fandrehitra dia azo atao manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

**And 5:** Ampirisihin'ny Fitondram-panjakana ny fanapariahana izany amin'ny mahavokatra afaka misolo miandalana ny arina fandrehitra sy ny angovo hafa rehetra azo havaozina tanteraka na amin'ny ampahany , araka ny politikam-pirenena amin'ny fiarovana ny tontolo iainana.

### **Toko II**

#### **Famaritana ireo mpamokatra**

**And 6:** Ny asa eo amin'ny sehatry ny Ethanol fandrehitra dia misokatra amin'ny

- olona tsotra Malagasy mpamboly tsy ao anaty fikambanana;

- Olona mivondrona ao anaty fikambanana na vondron'olona, mpitanika, mpanangom-bokatra, mpanatsinjara araka ny fepetra noraiketin'ny lalàna manan-kery sy ireo rijan-teny mifandraika amin'izany.

### **Toko III**

#### **Famaritana ny fitaovana ampiasaina**

**And 7:** Ny alambika no fitaovana ampirisihina ho ampiasaina: azo hafarana avy any ivelany izany na koa azo amboarina eto an-toerana.

### **Toko IV**

#### **Ny fomba fanorenana:**

**And 8 :** Ny fokontany no tomponandraikitra amin'ny:

- Fandraisana ny fangatahana hametrahana ny alambika.
- Ny fanomezana alalana hanaovana izany.
- Ny fampitana ny lisitr'ireo mpitanika any amin'ny Kaominina.

Mifameno amin'izany ny Kaominina soloin'ny Lehiben'ny Tanàna na ny Mpanolotsaina toerana no miandraikitra:

- ny fanaraha-maso ireo alambika sy ny famokarana ny Ethanol,
- ny fampanaraham-pitsipika ny fakana tamberim-bidy.

Amin'izany dia manao fitanana an-tsoratra fizahana fototra izay voasonian'ny roa tonta (dia ny Ben'ny Tanàna na ny Solontenany sy ireo mpitanika) ny Ben'ny Tanàna na ny Solontena nomena fahefana.

**And 9:** Ny fokontany sy ny kaominina no miara-manara-maso ny fisian'ny toeram-pambolena an'olon-tsotra, ny fikambanana ary ireo mpamokatra ka izany dia atao amin'ny alalan'ny firaketana araka izay ambaratonga misy azy avy.

**And 10:** Tsy ilana fahazoan-dalana ny asa eo amin'ny sehatry ny Ethanol. Mitovy amin'ny fakana hetra amin'ny arina fandrehitra ny fakana izany amin'ny Ethanol.

## Toko V Ny amin'ny hetra sy ny tamberim-bidy

### **And 11:**

- Ny hetra:  
Koa satria ny Ethanol fandrehitra dia vokatra natao hampiasaina isan'andro ho fandrehitra toy ny arina fandrehitra, dia mitovy amin'ny hetra mihatra amin'ny arina ihany no mihatra aminy.

Afahana amin'ny Hetra amin'ny Tataom-bidy sy mahazo fanamaivanana ny Habantseranana ireo fitaovana sy kojakoja nohafaran'ny mpisehatra eo amin'ny angovo azo havaozina.

- Tamberim-bidy: Ny tamberim-bidy dia haba omen any Fokontany.Ny Kaominina no mametraka izany araka ny fitsipika manan-kery.

## Toko VI Toetoetran'ny Ethanol azo amidy

### **And 12:**

- Lokony  
Noho ny Ethanol fandrehitra tsy azo sotroina, noho ny maha-be loatra ny alikaola ao aminy, dia tsy maintsy lokoina mena na maitso, mba hanavahana izany amin'ny amin'ny alikaola tsotra.
- Fasiana azy  
Araka ny maha alikaola azy dia mitovy amin'ny alikaola tsotra ny fasiana ny Ethanol fandrehitra. Azo atao plasitika, tavoahangy na vy izy io araka izany.
- Ny marika entana Ethanol  
Mba hialana amin'ny fifangaroana, tsy maintsy ahitana ny hoe «marika entana» «Ethanol Fandrehitra» ny toeram-pivarotana.

### **Ny marika : ETHANOL FANDREHITRA**

Tsy maintsy mametraka ny marika Ethanol fandrehitra ny toeram-mpaninjara mba isorohana ny fifangaroana

## **LOHATENY II**

### **FAMAROTANA**

#### **TOKO I**

##### **Ny amin'ny varotra**

**And 13:** Manaraka ny fifaninana malalaka ny fividianana sy ny varotra Ethanol fandrehitra.

## **LOHATENY III**

### **FEPETRA ISAN-KARAZANY**

**And 14 :** Ny fatana mifanandrify amin'izao tetikasa izao dia tsy maintsy mahazo ny fankatoavan'ny CNRIT (Centre National de Recherche , Industries et Technologique) sy ny Ministera mpiandraikitra.

Didim-panjakana no mampanara-pitsipika ny fitaovana.

**And 15:** Fandikan-dalàna ny fampiasana ny Ethanol fandrehitra efa miloko araka izay voafaritra amin'ny Teboka 1 amin'ny And 12 amin'ny zavatra hafa ankoatra ny maha-fandrehitra azy.

## **LOHATENY IV**

### **FANDIKAN-DALANA SY SAZY**

**And 16:** Miovaova arakaraka ny halalin'ny fandikan-dalana natao ny sazy mihatra.Izay manampahefana nanome ny taratasy voamarina no manome ny sazy arapanjakana.

**And 17:** Ny fandikana ny zava-boarakitr'ity lalàna ity sy ireo rijan-teny mifandraika aminy dia hosaziana araka ireto andalana manaraka ireto:

a) saziana araka ny rijan-teny mifehy ny fifaninanana sy/na aato tsy hisahana ny asa mahakasika ny Ethanol fandrehitra mandritra ny 12 volana farafahaelany izay mandika ny zava-boarakitr'ity lalàna ity;

b) Voasazy handoa lamandy 2 000 000 Ariary hatramin'ny 3 000 000 Ariary sy/na ampiatoana tsy hahazo manao ny asa mahakasika ny Ethanol fandrehitra hatramin'ny enim-bolana farafahaelany eo amin'ny Distrika nanaovana ny fandikan-dalàna , izay manao ny asany amin'ny fampisian-tokin'aina sy/na varotra latsaka ambanin'ny fenitra arahina amin'ity sehatra ity.

d) Raha misy ny Famerenan-keloka dia tsy tokony tsy ho latsaky ny avo roa heny amin'ny lamandy voatondro ny sazy na fampiatoana ny asa 12 volana ,

na ao amin'ny faritra misy io Distrika io izany, na eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

**And 18:** Ny Fitsarana ady madio no manana fahefana handray ireo fitsipahana mahakasika ny fandavana tsy handoa ireo hetra sy haba voakendrin'ny andininy faha-11.

Ny fitsarana eny amin'ny faritra isan'isany dia manam\_pahefana hampihatra ny lalàna voalaza etsy ambony.

## LOHATENY V

### FEPETRA FAMARANANA

**And 19:** Didim-panjakana no mandamina ny fanapariahana , ny fanamboarana , ny fampiasana ary ny fivarotana ny Ethanol fandrehitra.

**And 20:** Foana ary tsy manan-kery izay fepetra mifanohitra sy talohan'ity lalàna ity.

Havoaka amin'ny Gazetim-panjakana ity Lalàna ity ka hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo , 14 Novambra 2013

**NY FILOHAN'NY FILANKEVITRA  
AMBONIN'NY TETEZAMITA**

**NY FILOHAN'NY KONGRESIN'NY  
TETEZAMITA**

**RASOLOSOA** Dolin

**RAKOTOARIVELO** Mamy